

## TORITENY - ALAHADY faha-13 TSOTRA - TAONA D



***Avelao ny maty handevina ny maty ao aminy, fa ianao kosa mandehana mitory ny Fanjakan'Andriamanitra”.***

Ry kristianina havana, mifanojo amin'ny fetim-pirenena izao Alahady faha-13 mandavantaona izao ary ny tenin'Andriamanitra dia mampitodika atsika tokoa mba hiroso lalindalina kokoa amin'ny fandraisana an-tànana izany fiainam-pirenena izany fa indrindra amin'izao fotoana sarotra lalovantsika izao. Ary matetika moa ny firenena izay mazava ho azy fa ny tànana izay misy atsika ary indrindra fa mandritra ny volan'ny Fo Masin'i Jesoa izay fantantsika tsara fa ambany fiarovany ny tananantsika sy ny diosezintsika.

Fetim-pirenena tokoa androany ka faly miarahaba atsika ary mirary soa ho atsika rehetra.

Ndao ary isika hivavaka ho an'ny firenentsika ary mba hijery izay tokony ho tandrify atsika tsirairay amin'ny fampandrosoana azy. Fampandrosoana amin'ny tena izy fa tsy araka izay hoe misy an'izao na manana an'izao. Fampandrosoana ny tena marina mba hitondra atsika amin'ny hafenoan'ny maha-olona manontolo ary ny olona rehetra, izay ny

***Vakiteny I :*** 1 Mpanj. 19, 16. 19-21

***Salamo :*** Sal. 15

***Vakiteny II :*** Gal. 5, 1. 13-

***18Evanjely :*** Lk. 9, 51-62

tena tanjon'ny fampandrosoana sy ny fampianaran'Eglizy.

Izay ny mahatonga atsika miteny hoe : "harena ny harena raha mamokatra ho an'ny be sy ny maro". Izany hoe hitondra atsika amin'ny fikatsahana ny soa iombonana. Tsy ho tanteraka anefa izany raha mbola manjaka ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona, ny lainga sy ny fitapitaka , ny tsy fahamarinana. Ireo ny aretina mbola mikiky atsika, izay indrindra no ambaran'ireo tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady izao.

Tsy hoe nofidina noho izao fetim-pirenena izao fa mifanojo amin'ny vakiteny fanao ny Alahady faha-13 tsotra mandavantaona.

Matoa tsy tanteraka izay famokarana ny harena ametrahana an'izay fikatsahana ny soa iombonana izay dia satria marary olo-marina ity tanindrazantsika ity.

Ny olo-marina dia azo adika hoe "fidélité", tsy miovaova, "convaincu" tsy mivadibadika fa mijoro amin'ny heviny ka miroso amin'ny fahamarinana, "honnête" ihany koa, tahaka an'i Md Josefa, tahaka ny ao amin'ny vakiteny voalohany (*1 Mpanj. 19, 16. 19-21*) , tantaran'i Elia sy Elisea, i Elisea zay nanara-dia an'i Elia satria nahatsapa fa olo-marina tokoa izy ary izay no ampianarin'i Jesoa an'izay te-hanaradia azy. Mila olona "honnête et responsable " izao androntsika izao mba hitondra atsika amin'ny fampandrosoana izay voalazantsika teo.

Ny marina ihany koa dia fantantsika fa manambara an'izay hoe fahamarinana "verité" izay katsahintsika koa satria manjaka loatra ny risoriso sy ny fitapitaka ary izay marina lazaintsika izay dia mitondra amin'ny fifanajana.

Io koa fantantsika fa marary amin'izao fotoana iainantsika izao, tsy misy ny fifanajana eo amin'ny fianakaviana, eo amin'ny fiaraha-monina ary manjaka vokatr'izany ny hery setra sy ny hetraketra. Ao koa ny tsy fanajana ny maha-olona manontolo.

Hivavaka ary isika amin'izao Alahady faha-13 taona mandavantaona izay mifanojo amin'izay fetim-pirenena : mandalo tokoa i Jesoa, mandalo eo amin'ny fiainantsika tahaka ny henontsika tamin'ny Evanjely ' *Lk. 9, 51-62*). Mety maro amintsika no ao anatin'ireny olona samy hafa mifanena amin'i Jesoa. Mananatra atsika ary i Jesoa mba hahafahantsika mifikitra aminy satria izay manko no hahafahantsika hanana an'izay fahamarinana sy haha olo-marina atsika : "hanaraka anao aho n'aiza n'aiza alehanao".

Voalohany mba hahitantsika làlana haha olo-marina atsika izay dia fantaro fa i Jesoa dia eo anivontsika. Olona izy fa tsy firainkevitra ka izay no hahafahantsika mandroso amin'ny lalindalina kokoa, manova ny fonsika ary dia ireo olona izay nifanena taminy dia nieritreritra fa toerana no alehan'i Jesoa, ka nilaza hanaraka anao hatraiza hataiza aho. Nefa raha ny marina tokoa dia tsy ilay olona no tadiavin'i Jesoa hanaraka azy fa hanahaka azy ary izay no hahafahantsika hiroso amin'ny olo-marina izay. Tsy ny toerana no tadiavintsika.

Raha mbola toerana no tadiavintsika dia diso fihevitra isika. Izay ny fahadisoan-kevitra

mbola hitantsika izao, ny fitadiavana toerana. Ny fanarahan-dia an'i Kristy tsy hoe mitady toerana, ilay lanitra ambaran'i Jesoa tsy hoe toerana fa fiainana ao aminy izany hoe hanahaka azy ka hanompo ny olona rehetra.

Na ireo mpianatra aza tsy nahazo an'izay dikany izay ka noho ny tsy fahalalany dia nilaza tamin'i Jesoa izy ireo : "tianao ve hoy ireo mpianatra handatsahanay varatra ireo olona ireo?" tsy azon'ireo Apôstôly mihitsy ity resaka toerana ity.

Aza gaga koa isika raha misy fotoana tsy azontsika ny fampianaran'i Jesoa ka izay indrindra no mitaky finoana.

Ny finoana tsy tany malemy hanorenam-pangady , tsy hitadiavana toerana fa tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra, izany hoe isika miova tsikelikely miha-Kristy izany hoe manjary olona feno ao amin'i Kristy ary dia izay no ambaran'ny vakiteny faharoa (*Gal. 5, 1. 13*) mahatonga atsika olom-baovao ao amin'i Kristy. Izay no eritreretintsika sy nofinofisintsika olombelona ho olona afaka, io koa dia mifandray amin'ny resaka efa voalazantsika teo. Ny olona afaka dia tsy hoe manao ny sitrapony, manao an'izao sy izao na afaka manatanteraka an'izao fa olona feno ary dia entanin'ny Fanahy tokoa fa tsy lavo intsony, tsy andevozin'ny rendrarendran'izao tontolo izao araka ny voalazan'i Md Paoly fa olona afaka feno Fanahy masina.

Azo ampifandraisina ihany koa amin'ireo razantsika teo aloha na dia tsy mazava taminy aza ny atao hoe olona afaka dia ny olona manam-panahy. Tsy hoe ilay fanahy voalazan'ny Fanahy masina fa ilay fanahy maha-olona izany hoe olona tsy bekoin'ny vatana fa bekoin'ny maha-olona azy dia ny konsiansiny, ny maha-izy azy manontolo ary efa tonga moa ny Fanahy masina izay maha-izy azy manontolo izay ka mivelatra. Izay ny ambaran'ny vakiteny voalohany (*1 Mpanj. 19, 16. 19-21*), rehefa i Elisea nahita an'i Elia mpaminany dia nanaraka azy.

**Ho antsika rehetra ry Kristianina havana, ho antsika izay tsara sitrapo rehetra, ho antsika izay mangetaheta fahafahana, fahamarinana, fivoarana amin'ity tanindrazantsika ity, fantantsika ary izao fa ny fanarahana an'i Kristy tsy hoe mandeha amin'ny toerana anankiray fa mitondra kosa ny fiombonam-piainana aminy. Raha miombona amin'i Kristy isika dia olona afaka, olo marina ary afaka hampandroso ny manodidina satria manompo ka mikatsaka ny soa iombonana amin'ireo manodidina. Manasoa ny rehetra tahaka an'i Kristy ary dia izay no ambaran'ireo valin-tenin'i Jesoa amin'ireo olona maro te-hanaradia azy teny an-dàlana. Isika koa ary raha te-hanaradia azy dia tsy maintsy misafidy fa izy no "priorité". Ka na dia eo aza mety mafy ny teny nataon'i Jesoa tsy nilaza izy hoe hailikilika ny havana fa ny tadiaviny isika hanasoa ny manodidina atsika.**

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, henonay teo ireo hafatrafatra izay nataonao ho an'ireo izay tehanaradia anao ary mifanojo indrindra amin'izao andro hahatsiarovanay ny andro fahaleovan-tenan'ny firenenay izao, olona afaka izahay raha ny fahanahinao manentana anay, raha ny fiainanay manahaka anao ka amin'izay dia olo-marina izahay tahaka an'i Md Josefa, tahaka an'i Lucien Botvasoa. Ka izy ireo anie mba hivavaka ho anay tokoa ary i Masina Maria mpiaro voalohany ny tanindrazanay mba hivavaka ho anay. Ho hisy tokoa ny fandriampahalemana ary hivelona tokoa ao anaty fiadanana izahay. Volan'i Fo masin'i Jesoa izao ka ankininay amin'ny Fonao tokoa ry Jesoa ity t`ananay ity. Ka ny fonay tokoa anie hanahaka ny Fonao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson